




Torolàlana tokony arahina mahakasika ny sary mampiseho gidro



Lahatsoratra navoakan'ny sampana mpandraharaha ny fifandraisain'ny olombelona sy ny gidro ao amin'ny UICN

Siân Waters, Joanna M Setchell, Laëtitia Maréchal, Felicity Oram, Janette Wallis & Susan M Cheyne

Miampy ny fandraisana anjaran'i: Brooke Aldrich, Sherrie Alexander, Liana Chua, Tara Clarke, Malene Friis Hansen, Carolyn Jost-Robinson, Kimberley Hockings, Marni LaFleur, Lucy Radford, Erin Riley, Amanda Webber

Fampidirina

Mety hahasrika olona an-tapitrisany ho amin'ny fitandrovana sy fiarovana ny gidro (teny ampiasaina amin'ity lahatsoratra ity ilazana ny “primates” rehetra, toy ny varika sy ny rajako) ny sary na sarimihetsika mahakasika azy ireny (entina ilazana ny sary sy sarimehitsika ny teny hoe “sary” amin'ity lahatsoratra ity). Kanefa, raha sanatria ka tsy misy fanazavana tsara ilay sary na tsy mazava ny fotom-pisiany dia mety hitarika ny olona handika vilana ny heviny izany. Izay hevi-diso izay dia mety hiteraka voka-dratsy tsy niniana ho an'ny fitandrovana sy fiarovana ireny biby ireny mba tsy ho lany tamingana (Aldrich 2018; Wallis 2018; Norconk *et al.* 2019). Ny fanaparitahana amin'ny tambazotra sosialy ireny sary tsy misy fanazavana maro-pototra ireny no anisan'ny tena olona.



Amin'ny firenena maro dia betsaka ireo biby alaina tsy ara-dalàna ao amin'ny fonenany voajanahary ary ampiasaina toy ny fitaovana fialam-boly hakan'ny mpizaha tany sary (Osterberg & Nekaris 2015; LaFleur *et al.* 2019; Norconk *et al.* 2019). Matetika dia vonoina ny lehibe mba ahafahana maka ny zanany ho ampiasaina amin'izany hetsika fakana sary ho an'ny mpizaha tany izany. Mety ho alàna mihitsy ary ny nifin'ilay biby indraindray mba tsy ahafahany hanaikitra. Noho izany dia mety ho biby miferinaina sy mijaly fadiranovana ilay gidro hita amin'ireny sary ireny. Ny biby mpandeha amin'ny alina, toy ny “loris”, ohatra, dia tena tsy mahatanty ny hazavana be amin'ny atoandro na ny hazavana avy amin'ny jiro ampiasana amin'ny alina hitarafana azy, sy ny jiro mitselatra amin'ny fitaovana fakana sary (Nekaris *et al.* 2015). Matetika ihany koa ny mpizaha tany sy ny vahiny mpila ravinahitra dia mividy ireny gidro ampiasaina atao fakana sary ireny, ho ataony biby fiompy na amin'ny fiheverana fa “manavotra” ilay biby izy ireo amin'izany (Bergin *et al.* 2019; Osterberg & Nekaris 2015; LaFleur pers. obs.; Setchell pers. obs.). Ho fanampin'izay, misy ihany koa ireo orinasa tsy valahara izay miompy bibidia atao fangalana taranaka amidy ampiasaina hakana sary, anisan'izany ny rajako lehibe (Aldrich 2018). Indrisy anefa fa rehefa lasa vaventy loatra na matanjaka loatra ilay biby, ka lasa manahirana sy mety hampidi-doza ny mitaiza azy, dia arian'ny olona ilay biby. Mazàna koa dia gejayny amin'ny toerana tsy manara-penitra ireny biby ireny, ary izany matetika dia tsy fantaty ny besinimaro (Agoramoorthy & Hsu 2005; Reuter & Schaefer 2016).

Manana andraikitra lehibe amin'ny fampitana hafatra mendrika mahakasika ny gidro ireo olona misehatra amin'ny asa mifandray akaiky amin'izy ireny (izay ho antsoina hoe “mpitondra hafatra” eto), toy ny “primatologues”, ny mpiaro ny harena voajanahary, ny mpikarakara biby sy mpilatsaka an-tsitrapo any amin'ny “zoo”, ny ivotoerana fanavotana biby, ny mpiasan'ny sampan-draharaham-panjakana ary ny mpitarika mpizaha tany. Mitovy lanja amin'izany ihany koa dia tokony manana fitondran-tena mendrika manoloana ireny biby ireny ireo mpamatsy vola, ireo olona ambony amin'ny fiarovana ny harena voajanahary, ireo olo-malaza mpilalao sarimihetsika, ireo tompon'andraikitra ao amin'ny

governemanta ary ny mpisehatra amin'ny haino aman-jery rehetra. Matetika mantsy dia miankina be amin'ny fandraisan'ny olona azy ny fahombiazan'ny hafatra iray fa tsy amin'ny fikasan'ily mpitondra hafatra.

Eto izahay dia manazava ny antony tokony handinihintsika mpitondra hafatra voalaza etsy ambony ny fampiasana ireny sary izay mampiseho olona manakaiky na mitazona gidro ireny alohan'ny hizarana izany. Ho fehiny, izahay dia manome torolanana izay mety hampihena ny voka-dratsy mety ateraky ireny sary ireny amin'ny fitandrovana sy fiarovana ny gidro ao amin'ny toeram-ponenany voajanahary (*in situ*) sy ivelany (*ex situ*).

Ireo olona amin'ny sarin'olona miaraka amin'ny gidro na manakaiky loatra azy

Manome hevi-diso ny daholobe ny sarin'olona miaraka amin'ny gidro

Ny sarin'olona mitazona gidro miparitaka amin'ny tambazotra sosialy dia manimba ny fomba fijerin'ny besinimaro ireny biby ireny (Ross *et al.* 2011; Nekaris *et al.* 2013; Leighty *et al.* 2015; Clarke *et al.* 2019). Ireo sary mitazona na manakaiky ireny biby ireny dia mampiseho fa ny fikitihana azy ireo dia tsy mampidi-doza ara-batana, tsy misy risika ara-pahasalamana na ho an'ny olona na ho an'ny biby ihany koa, ary indrindra ny mety handraisana azy ireny ho biby fiompy. Izany fihetsika izany ihany koa dia mety handrisika ny olona sasany handray azy ireny ho karazana fialam-boly, ka manamaivan-danja ny maha-zavaboary azy ireo sy ny maha-tandidinin-doza azy ireo. Hany ka hanimba ny ezaka maro izay atao ho fitandrovana azy ireny, indrindra any amin'ireo firenena fiavian'izy ireny (Ross *et al.* 2008; Schroepfer *et al.* 2011; Leighty *et al.* 2015; Morrow *et al.* 2017; Aldrich 2018).

Tsy mitovy ny fandraisan'ny olona avy amin'ny kolontsaina samihafa ny sarin'olona misy gidro

Misy kolontsaina sasany tsy dia miankina amin'ny natiora ary miavaka tsara ho azy ny toeran'ny ny olombelona sy ny natiora na zavaboary. Misy kosa anefa ireo kolontsaina hafa izay tsy manao tahak aizay ka tsy mandray ny gidro ho bibidia, indrindra any amin'ny firenena misy azy ireny (Aldrich 2018). Manoloana izany dia mety hiova ny fandraisan'ny olona avy amin'ny kolontsaina samihafa an'ireny biby ireny. Azo tanisaina amin'izany ohatra ny hoe tsy mitovy ny fomba fijerin'ny olona avy ambanivohitra sy avy any an-drenivohitra ny gidro (Franquesa-Solar & Serio Silva 2017; Ceballos-Mago & Chivers 2010). Io tsy fitovizana amin'ny fomba fijery io mihitsy anefa no manova tanteraka ny hevitra vohizin'ny sarin'olona miaraka amin'ireny biby ireny, ka mahatonga fahasamihafana eo amin'ny fandraisan'ny kolontsaina na faritra samihafa ny hevitra miseho amin'ily sary.

Mamporisika ny besinimaro haka sary miaraka amin'ny gidro ny fahitany ireo olona mpitondra hafatra manao izany

Ny sarin'ireo mpitsabo biby, mpikarakara biby, mpanentana, olo-malaza, mpilatsaka an-tsitrabo na mpizaha tany, mamihina na mamahana gidro eny amin'ny ivo-toerana samihafa dia mampitsiry hevitra eo amin'ny mpijery sary mba haka sary toy izany ihany koa. Zary ho lasa fomba fanao entina mizara sy manaporofa ny zaha-tany natao mihitsy ary ny maka sary miaraka amin'ny bibidia (tafiditra ao ny gidro) tsy misy fiarovana ara-batana (Shutt 2014). Kanefa ireny karazan-tsary mampiseho ny fifandraisan'ny olona sy ny gidro ireny dia manohitohina ny fanentanana mba tsy hihazana sy tsy hiompina ny bibidia ary indrindra ny hitandrovana azy ireny, izay ataon'ireo ivo-toerana fitaizana bibidia sy ny fikambana miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana. Farany, ny sarin'ireo mpisehatra eo amin'ny "primatologie" izay mikarakara azy ireny dia mety vao mainka manimba ny fandraisan'ny olona ifotony ny fifandraisaina amin'ny biby; mazana mantsy tsapan'izy ireo fa toa miahy kokoa ny biby noho ny olombelona izy ireny (Meijaard & Sheil 2008; Waters *et al.* 2018).

Famaranana

Amin'ny maha-tompon'andraikitra voalohany antsika amin'ny fiarovana sy fitandrovana ny gidro tsy ho lany tamingana, dia manana adidy isika handanjalanja ny fiantraikan'ny fizarana amin'ny daholobe ny sarintsika miaraka na mifanakaiky amin'ny gidro, na fiantraikany mivantana io na ankolaka (Wallis 2018). Ny fahitana sarin-gidro miaraka amin'olona ao anatin'ny tambazotra sosialy dia mety mandiso ny fomba fijerin'ny olona ny tokony ho endriky ny fifandraisana eo amin'ny olombelona sy ny gidro ary mety mandrisika ny olona sasany hikitika na hanantona gidro, izay fihetsika tsy ara-dalàna mety manimba sy mampihena ny ezaka rehetra atao amin'ny fiarovana sy fitandrovana azy ireo. Anisan'ny mampitombo ny tsy fifankazahoana eo amin'ny kolontsaina samihafa ihany koa izany. Mavesatra kokoa, noho izany, ny voka-dratsin'ireny sary ireny raha oharina amin'ny tombotsoa mety entiny; ka tokony mampihatra fitsipika fitandremana isika, indrindra manoloana ny toe-java-misy mahakasika ny gidro izay betsaka ny mitady ho lany tamingana maneran-tany.

Raha tsorina, manana adidy isika mpitondra hafatra ny tsy hizara na hametraka eny amin'ny tambazotra sosialy ny sarintsika manakaiky gidro. Mora miparitaka amin'ireny sehatra ireny mantsy ny hevitra diso sy tsy araka ny toe-java-misy, indrindra raha sanatria tsy mazava ny foton-pisian'ilay sary. Voakasik'izany isika izay mampianatra, mandray anjara amin'ny zaikabe, miasa amin'ny haino aman-jery, ary manabe momba ny fiarovana ny gidro. Voakasik'izy io avokoa ny olona rehetra misehatra amin'ny asa mikasika ny gidro, fa indrindra isika izay fantadaza amin'ny asantsika mahakasika ny gidro satria isika afaka mitarika sy manova ny fomba fijeren'ny besinimaro ny gidro amin'ny ankapobeny.

Mba hampinena ny vokadratsy mety aterak'ireny sary ireny eo amin'ny fitandrovana sy fiarovana ny gidro any amin'ny toeram-ponenany voajanahary (*in situ*) sy ivelany (*ex situ*) dia manome ireto torolalana manaraka ireto izahay.

Torolàlana tokony arahina mahakasika ny sary mampiseho gidro

- Ataovy laharam-pahamehana ho anao sy ny toeram-piasanao ny fisian'ny fitsipika mifehy ny fanaparitahana ny sary alain'ny mpiasa, ny mpianatra ary ny mpilatsaka an-tsitrapo miara-miasa aminao. Ampahafantaro mazava ihany koa ireo ao amin'ny sampan-draharaha misahana ny haivarotra sy ny fifandraisana amin'ny daholobe na ny mpilatsaka an-tsitrapo amin'ny serasera izay fitsipika mifehy izay.
- Ireo izay manana sary efa miparitaka amin'ny sehatra hitan'ny daholobe ka mety tsy afaka mifehy ny fahitan'ny olona ny sariny REHETRA, dia tokony manolotra sary hafa ho ampiasaina ary manazava ny olona ateraky ilay sariny teo aloha. Afaka manazava ampahibemaso ihany koa izy ny foto-pisainany ankehitriny manoloana ireny sary ireny.
- Ampiroboroboy ny fanabeazana amin'ny fanazavana ny olona mifandraika amin'ny sarin'ny olona manakaiky na miaraka amin'ny gidro eo amin'ny fiarovana ireny biby ireny tsy ho lany tamingana, eo amin'ny fitaovana fanaparitaham-baovao ampiasainao sy ny toeram-piasanao, toy ny tranonkala, gazetiboky, hetsika isan-karazany sy ny fitsidihina valan-javaboary samihafa.
- Raha ohatra ka anaty anaty vala mifehy ilay gidro, dia tokony asaina maka sary ivelan'ilay fefy ny olona fa tsy miditra ao anatin'ny (raha mifehy ilay gidro fa sady afaka mandendeha am-pahalalahana dia tsy maninona).
- Aza manaparitaka sary mampiseho gidro tazonin'olona mpikarakara biby. Soloy sary mampiseho gidro irery na miaraka amin'ny mitovy aminy ireny.
- Aza manaparitaka sary mampiseho gidro omena sakafo amin'ny tanana, milalao na mifandray mivantana amin'ireo mpikarakara azy, mpiasa an-tsitrapo sy mpamatsy vola, raha tsy hoe mampiasa fitaovana fiarovana manara-penitra ireny olona ireny.
- Ataovy misy elanelana farafahakeliny 7 metatra ny olona sy ny gidro amin'ny sary izay zaraina amin'ny daholobe.
- Raha mampiasa sary mampahafantatra ny asa mifandraika amin'ny "primatologie" dia tokony asiana fanazavana tsara ny amin'ny foto-pisian'ilay sary miaraka amin'ny fitaovana mampiseho an'ilay asa, toy ny arovava, maso lavitra, fitaovana fandraisana an-tsoratra, sy izay fitaovana isan-karazany samihafa ampiasana amin'izany asa izany.

Lisitry ny takelaka voalaza anaty lahatsoratra

- Agoramoorthy G & Hsu MJ. 2005. Use of nonhuman primates in entertainment in Southeast Asia. *Journal of Applied Animal Welfare Science* 8:141-149.
- Aldrich BC. 2018. The use of primate actors in feature films 1990-2013. *Anthrozoos* 31:5-21.
- Bergin D, Atoussi S & Waters S. 2018. Online trade of Barbary macaques *Macaca sylvanus* in Morocco and Algeria. *Biodiversity and Conservation* 27:531-534.
- Ceballos-Mago N & Chivers DJ. 2010. Local knowledge and perceptions of pet primates and wild Margarita capuchins on Isla de Margarita and Isla de Coche in Venezuela. *Endangered Species Research* 13:63-72.
- Clarke TA, Reuter KE, LaFleur M & Schaefer MS. 2019. A viral video and pet lemurs on Twitter. *PLoS ONE* 14(1): e0208577.
- Franquesa-Soler M & Serio-Silva JC. 2017. Through the eyes of children: Drawings as an evaluation tool for children's understanding about Endangered Mexican primates. *American Journal of Primatology* 79: DOI.10.1002/ajp.22723.
- LaFleur M, Clarke TA, Reuter KE, Schaefer MS & terHorst C. 2019. Illegal trade of wild-captured *Lemur catta* within Madagascar. *Folia Primatologica* 90:199-214.
- Leighty KA, Valuska AJ, Grand AP, Bettinger TL, Mellen JD, Ross SR, Boyle P & Ogdén JJ. 2015. Impact of visual context on public perceptions of non-human primate performers. *PLoS ONE* e0118487.
- Morrow KS, Jameson KA & Trinidad JS. 2017. Primates in film. In *The International Encyclopaedia of Primatology* (eds M Bezanson, KC MacKinnon, E Riley, CJ Campbell, KAI Nekaris, A Estrada, AF Di Fiore, S Ross, LE Jones-Engel, B Thierry, RW Sussman, C Sanz, J Loudon, S Elton & A Fuentes). DOI:10.1002/9781119179313.wbprim0350
- Meijaard E & Sheil D. 2008. Cuddly animals don't persuade poor people to back conservation. *Nature* 454:159. <https://www.nature.com/articles/454159b.pdf>
- Nekaris KAI, Musing L, Vazquez AG & Donati G. 2015. Is tickling torture? Assessing welfare towards slow lorises (*Nycticebus* spp.) within Web 2.0 videos. *Folia Primatologica* 86:534-51.
- Nekaris KAI, Campbell N, Coggins TG, Rode EJ, Nijman V. 2013. Tickled to death analysing public perceptions of "cute" videos of threatened species (slow lorises – *Nycticebus* spp.) on Web 2.0 sites. *PLoS ONE* 8(7):e69215.
- Norconk MA, Atsalis S, Tully, G, Santillan AM, Waters S, Knott CD, Ross SR, Shanee S & Stiles D. 2020. Reducing the primate pet trade: Actions for primatologists. *American Journal of Primatology* DOI.org/10.1002/ajp.23079.
- Osterberg P & Nekaris KAI. 2015. The use of animals as photo props to attract tourists in Thailand: A case study of the slow loris (*Nycticebus* spp.). *Traffic Bulletin* 27:13-18.
- Reuter KE & Schaefer MS. 2016. Captive conditions of pet lemurs in Madagascar. *Folia Primatologica* 87:48-63.
- Ross SR, Lukas KE, Lonsdorf EV, Stoinski TS, Hare B, Shumaker R & Goodall J. 2008. Inappropriate use and portrayal of chimpanzees. *Science* 319:1487 DOI 10.1126/science.1154490.
- Ross SR, Vreeman VM, Lonsdorf EV. 2011. Specific image characteristics influence attitudes about chimpanzee conservation and use as pets. *PLoS ONE* 6:e22050.
- Schroepfer KK, Rosati AG, Chartrand T & Hare B. 2011. Use of "entertainment" chimpanzees in commercials distorts public perception regarding their conservation status. *PLoS ONE* 6:e26048.
- Shutt K. 2014. An interdisciplinary risk assessment of gorilla ecotourism. PhD, Durham University. Available at <http://etheses.dur.ac.uk/10586/>
- Wallis J. 2018. The role of tourism in securing a sustainable existence for primates. In *Primatology, Biocultural Diversity and Sustainable Development in Tropical Forests*. UNESCO.
- Waters S, Watson T, Bell S & Setchell JM. 2018. Communicating for conservation: circumventing conflict with communities over domestic dog ownership, North Morocco. *European journal of Wildlife Research* 64:69 doi: 10.1007/s10344-018-1230-x.

Fankasitrahana

Maneho fisaorana manokana ny Ouwehand Zoo Foundation any Pays-Bas izahay tamin'ny fanohanana an'i Siân Waters tamin'ny fandrafetana ity torolalana ity. Mankasitraka ihany koa an'i Pravind Sergan, UMS/Pongo Alliance, Sabah any Malaisie izahay tamin'ny fanaovana sary fanehoana sy i Janette Wallis tamin'ny fandaminana ny lahatsoratra. Misaotra ihany koa ny Komity Mpanantanteraka an'ny PSG sy i Linda May ao amin'ny Arcus Foundation izahay tamin'ireo hevitra nomeny nanatsarana ny andiany voalohany an'ity lahatsoratra ity. I Onja Razafindratsima, Tinah Martin ary Veronarindra Ramananjato no nandika ny lahatsoratra amin'ny fiteny Malagasy. Misaotra an'ny Barbary Macaque Project ao amin'ny University of Lincoln any Royaume-Uni sy ny Ifrane National Park any Maroc i Laëtitia Marechal. Raha mila fanazavana fanampiny dia tsidio ity tranokala ity: <https://human-primate-interactions.org>.

